Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7829 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 23 martsa 2024

## AMBATOFINANDRAHANA 5


# RANGAHY MATY NOTSA-TOTSATOHANA ANTSY

## MARINA IZANY ! 6

# MITAINTAIN-DAVA !


## Tsaroako ilay"... 2

## FRANCK (MPAMPIOFANA LASIBIKA)



# "TRATRA NITABATABA AN-DAKILASY, NANDOA 500 Ar"

## KITRA - "FENÊTRE FIFA" 10



# LAVON'NY BAREA 1 NO HO 0 I BURUNDI


## HAFA KELY - MARTIN RAJAONA 9

# MAMPIDITRA FANJAITRA AMIN'NY TONGOTRA



## MONJA ROINDEFO - FILOHAN'NY MONIMA 7

# "FANJAKANA KISARISARY MANITSAKITSAKA LALAMPA-NORENANA NO NATSANGAN' NY FIFIDIANANA TEO"






# Tsaroako ilay"...

Franck (mpampiofana lasibika )

## "Tratra mitabataba an-dakilasy dia nandoa 500 Ar"

*Massou Franckedwot Zizadhy Daïrah Callin. Fantatry ny maro amin'ny anarana hoe Franck na Zizadhy, mister Sainte Marie. Mpampiofana lasibika sady mpikarakara "miss et mister île verte Madagascar". Vao 23 taona monja ny lehilahy fa manana vina sy tetikasa maro amin'ny fanabeazana ny tanora sy ny fikajiana ny tontolo iainana. Hitantara amintsika ny fahatsiarovany kosa izy eto :*

« ***Tratra nitabataba an-dakilasy dia nandoa 500 Ar*** »

Teraka tao Soanierana Ivongo izy lehibe tao an-toerana ihany koa mazava ho azy. Niasa tao ny rainy (polisy) no nahatonga azy tao, fa avy any Sainte Marie no fiavian'ny ray aman-dreniny. Mpiasam-panjakana tsy dia be karama ny raiko fa niezaka kosa ny nampitovy azy 5 mianadahy hitovy amin'ny zanak'olona, araka ny fitantarany. Ny dadany no voalaza fa akaiky ny fony kokoa no ho ny reniny. Anisan'ny tantara nanamarika azy tamin'izany : Tamin'izy 6 taona, nianatra tao amin'ny Saint Antoine de Padoue Soanierana Ivongo. Be torimaso izy tamin'izany tao am-pianarana, ka tsy navelan'ny rainy nafindra kilasy 10é. Kanjo rehefa tonga tao amin'ny 8è indray, tsy tian'ny raiko mihitsy ilay mpampianatra dia ataony foana izay hirika kely hanenjehana azy. Misy izany hoe tratra mitabataba ao ampenarana dia mandoa 500Ar. Rehefa tsy nanana vola nanefana izany izy, dia nangalatra volan'ny reniny tao antrano. Tamin'izay no nikapohan-dreniny azy voalohany. Voatery nilaza ny marina izy, dia voasazy ilay mpampianatra.

**Tsingerin-taona nahaterahana in-3 nankalazaina**

Tamin'ny 2017 izy no tonga teto Antananarivo. « *Tena nanova fiainana ,fiteny,namana, tena nivahiny tanteraka. Tao amin'ny Madécasse Bemasoandro Itaosy izay no nianatra ary tao no nipetraka izaihay ary tena hoe Bandin'itaosy amin'izay* ». Fahatsiarovana tena nanamarika ny fankalazana ny tsingerin-taona nahaterahana ny 23 Mars 2001. Nanasa ireo namana tao andakilasy, kanjo rehefa tonga ilay fotoana tsy afaka ireo mpiara-mianatra nasaina. Tonga tany ampianarana ny alatsinainy, tsy nanaiky izy ireo fa haverina dia naverina indray ny sabotsy taorian'io, rehefa tonga indray ny alatsinainy manaraka mbola nisy nangataka averina dia naverina indray, lasa in-telo naverina. Tantara iray hafa tsy ho hadinoiny ihany koa : « *tamin'ny izaho 2nd teo koa nahaizako niady izany isaky ny zoma. Fa tsy fantatry ny olona nipetrahako satria misy olona tao ampianaranay tsy tia olona avy any amin'ny sisiny, dia mila ady foana dia raikitra ny ady. Teo no nidirako clan shaidomar sy la cité satria misy namako amin'ireo mitarika ahy hanao izany. Hitako anefa ilay izy fa tsy mahasoa ahy, dia nanova fiainana aho* », hoy izy.

**Nandray anjara tamin'ny fifaninanana marobe**

« *Nananamarika ny ahy tamin'ny « miss et mister » ,tany Analanjirofo. Mister interclasses (natao ho an'ny mpianatra), fa noho izaho tsy matotra dia tsy lany mihitsy tamin'izay. Tsy nijanona teo, fa nandray anjara tamin'ny Miss et Mister Fashion indray rehefa tonga taty Antananarivo fa nihitsana teo amin'ny ankatoky ny famaranana. Niditra tamin'ny fifaninanana henjana kokoa, ny taona 2023 teo, nanao Miss et mister îles Madagascar . Nafinaritra ahy na ny mpampiofana anay aza tamin'izany satria nanova ahy be tao. Noho ny olana ara-pianakaviana no nijanonako ka nody an-tanindrazako (Sainte Marie). Niverina avy any, nanao miss et mister teen Fashion izay nitaritany Kyrone, tao anaty Agence Ykere. Nitrandraka hatrany niampy ny fiofanana nomen'ny namana avy any ampitandranomasina, izay anisan'ny nanamarika ihany koa ka nahatonga amin'izao toerana izao satria ny 6 janoary 2024 no nijoro ny orinasako*», hoy izy.

**Nangonin'i Fy**




Faribolana Sandratra Vatomandry

## Hitondra antsa sy velakevitra any Fenoarivo Atsinanana

Ngaly, Saraholis, Rah Joe , Ezra S. ; RMamy Olivier. Izy 5 mianadahy ireto no hifarimbona hanatanteraka ny hetsika mikasika ny literatiora any amin'ny Lycée Général any Fenoarivo Atsinanana ny tolakandron'ny alarobia 27 martsa izao. Hanomboka amin'ny 2 ora folakandro ny fotoana, izay voalaza fa hanatontosan'izy ireo antsa sy velakevitra ho an'ny mponina any an-toerana indrindra ireo mpianatra. « *Literatiora malagasy sy ny akony eo amin'ny mpamaky sy ny Firenena* » ny lohatehin'ny velan-kevitra hotanterahan'izy ireo amin'izany. Araka ny fanazavana, tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny iray volan'ny Poezia, izay hotontosaina mandritra ny volana martsa ity ny hetsika. Ary ankoatra izay, mbola natao hitetezam-paritra hizarana ny kanto ny fankalazana ny faha 35 taonan'ny Faribolana Sandratra ihany koa.

Nambaran'i RMamy Olivier, fa avy amin'iny faritra atsinanana iny avokoa izy 5 mianadahy handray anjara ireto. « *Izahay mpandrindra ny Faribolana Sandratra avy atÿ Vatomandry, Brickaville, Toamasina ary Mananara Nord no mifarimbona hanao an'io velakevitra io ao Fenerive Est io. Mbola tsy misy Faribolana Sandratra ao ka hanetsika ny manan-talenta ao izahay mba hananganana Sampana Faribolana Sandratra ao* », hoy izy. Voalaza fa tsy misy vidim-pidirana ny hetsika fa hisy boky hamidy kosa amin'izay fotoana izay.

**Fy**



**RMamy Olivier, Sandratra Vatomandry.**

Feno Mikalo, Fyh love, Ramita,....

## Hampitotorebika ny mponina any Ambatomirahavavy

Feno Mikalo, Raslah, Jimms, Fyh Love, Spartaka sy Lorenzo, Daichelle Rots ary Layns. Santionany amin'ireo artista handray anjara amin'ny fananana ny alatsinain'ny paska ny 1 aprily izao eny amin'ny Espace M Ambatomirahavavy. Mpanakanto azo lazaina fa vao misandratra avokoa izy ireo saingy mahafehy ny fanafanana lanonana sy ny fampandihizana. Gadona maroloko no hanjaka eny an-toerana amin'io fotoana io, toa ny reggae hoentin-dry Raslah sy Ramita ; afrobeat ho vimbinin'i Fyh love ; gadona mafana ny an'i Feno Mikalo ; ny gadona dancehall iangalian-dry Spartakan sy Lorenzo sy ny maro hafa.

Araka ny fantatra, hitohy eny amin'ny MCool Andranonahoatra Itaosy ny hetsika tanterahan'izy ireo ny 7 aprily 2024. Koa afaka manao ny programany dieny izao ireo hialavoly hiala ivelan'Antananarivo sy ireo mponina eny amin'ny manodidina.

**Fy**

Fianara Reggea Festival

# Hanafana ny andiany faha-8 i Jah Fazon (Maorisy) sy Wubani Spirit (Mayotte)

Efa lasa fomba amampanao ary tsy azo atao tsinontsinona intsony ny Festival Reggea Festival atao any Fianarantsoa isantaona ary efa lasa hetsika iraisam-pirenena mihitsy aza. Tanjon'ny mpikarakara ny hetsika ny fampiroboroboana ny zavakanto ho fitaovana hampandrosoana firenena sy ny mozika reggae. Natao ihany koa hitarihana mpizahatany ao amin'ny Renivohitry ny faritra Betsileo. Eo ihany koa ny fampahafantarana ireo mpanakanto vao misondrotra eo amin'ny mozika Reggea. Miditra amin'ny andiany faha-8 amin'ity taona ity ny hetsika raha 10 taona no efa nisiany. Mandritra ny faran'ny herinandron'ny pasaka no hanatanterahana azy ary amin'ity andiany faha-8 ity dia ny 28, 29 ary ny 30 marsa izao. Miha matotra sy matihanina hatrany ny fikarakarana ary mitady zavatra vaovao isan-taona hanatsarana ny hetsika ny Fikambanana Sarondra ka misy hatrany ny mpanakanto mpiangaly ny mozika Reggea avy any ivelany manafana ny hetsika eto amintsika. Araka izany dia ho avy eto amintsika hanafana ny Fianara Reggea Festival i Jah Fazon avy atsy amin'ny nosy Maorisy sy Wubani Spirit avy atsy amin'ny nosy Mayotte. Araka ny fanadaharampotoana dia ny 30 Marsa no hiaka-tsehatra i Jah Fazon, hifampizara sehatra aminy amin'io fotoana io ry Lehilahy Joby sy Kheman samy avy eto Antananarivo, Mashmanjaka avy any Farafangana ary Reggasy avy ao Fianarantsoa. Ny 31 marsa mandritra ny famaranana ny hetsika no hiaka-tsehatra Wubani Spirit miaraka amin'i Ghettah avy any Manakara, 6WATT avy ao Fianarantsoa, Eka Zaho avy ao Antsirabe ary hamarana ny fampisehoana i Jah Roots Malagasy Revolution avy eto Antananarivo.

**Fanokafana amin'ny 29 marsa**

Mialoha izany ny andron'ny 29 Marsa hanokafana amin' ny fomba ofisialy ny hetsika dia hiaraka amin'ny tarika "Ital Tunes Sound System", tarika hitondra fanentanana sy mozika amin'ny alàlan'ny fanamafisam-peo raitra araka ny fenitra takian'ny fandrosoana mandritra ny fampisehoana hatolotry ny Selectors Grazah, Dj Veveh, Dj's Mc's, Kheman, Nadz, Biloh ary 6Watt. Ankoatra ny seho an-tsehatra moa hampamirapiratra ny toerana ihany koa ny fampirantiana sy ny tantaran'ny "mozika reggae" sy ny kolontsaina Rastafari miaraka amin'ny vela-kevitra maro isankarazany. Manohana ny Fianara Reggea Festival moa ny Be Bose, Af Fianarantsoa, Ony Academy ary ny Fikambanana Sarondra. Hanomboka amin'ny 6 ora hariva avokoa ny fampisehoana ary eo amin'ny Alliance Française ao Fianarantsoa no hanatanterahana azy tahaka ny isantaona. **Tiaray R**

Minah Bolimakoa

# Voasafidy hiatrika ny famaranana amin'ny "RFI Music"



**"Tsy nampoiziko, faly loatra aho hisolotena ny Nosiko. Midika zava-dehibe amiko izao fankasitrahana ny zavatra ataoko izao", hoy izy.**

"Efa Go" ! Io no lohatenin-kiran'i Minah Bolimakoa voasafidin'ny RFI Mozika hiatrika famaranana amin'ny "hit platines Afriques". Izy izany no hisolotena an'i Madagasikara amin' ity "RFI Music" ity eo amin'ny gadon-kira "Afro Pop". Hira vao nahavitan'i Minah Bolimakoa "clip" tamin'ity taona ity io "Efa go" io. Fampanantenana nataony ho an'ny mpankafy ny famoahana ny rakitsariny nandritra ny fampisehoana tao amin'ny CGM ny faraparan'ny taona 2023 teo iny ka izao tafiditra ho tao anatin'ny "hit platines Afrique" izao. Nambarany ihany fa *"Ny alarobia tokony tamin'ny 9 ora alina teo no nahita hafatra tao anaty pejy fesibokiko aho ary voasoratra isan'ny voasafidy hiatrika famaranana ao anatin'ny RFI Music aho. Tsy nampoiziko, faly loatra aho hislotena ny Nosiko. Midika zava-dehibe amiko izao fankasitrahana ny zavatra hataoko izao. Mandrisika ahy hiroso lalindalina kokoa amin'izay rehetra atao. Ho reharehan'i Madagasikara"*. Mpanakanto 5 aty afrika no tafakatra hanao ny famaranana ka hilaharan'i Minah Bolimakoa amin'ireo mpanakanto sangany iraisam-pirenena toa an'i Davido avy any Nizeria, Rebo avy any Kinshasa ary 2 avy any Ouganda sy Burkina Faso. "Faly ny fo fa tafiditra ao i Madagasikara, izay hisoloako tena amin'ny hirako "Efa go"", hoy izy. Marihina fa efa nandray anjara tamin'ny fifaninana RFI Musique ny taona 2016 izay tafiakatra dingana famaranana. Fantan'izy ireo tsara ny zava-bitan'i Minah hatramin'izay. "*Tsotra ny tanjoko, hanandratra avo ny tontonlon'ny mozika eto amin-tsika. Na dia maro aza ny nilaza fa somary hafahafa ny fomba fihirako, tsy dia azoazon'olona anefa ny tena tiako hatongavana amin' izany"* hoy izy.

Marihana fa tsy ny Gadona Africa pop irery akory no hiantefan'ny safidin'ny RFI Music fa maro.

**Tiaray R**

Tarika Iray Fy 'Art

# Hanokatra ny seho an-tsehatra eny Antanetibe Mahazaza

Mitohy ny fitetezam-paritra ataon'ny Tarika Iray Fy'Art amin'ny fampiroboroboana ny tantara amin'ny Radio aseho mivantana an-tsehatra. Eny amin'ny CEG Antanetibe Mahazaza no hifamotoana amin'ny mponina eny an-toerana ry zareo rahampitso alahady manomboka amin'ny 1 (iray) ora tolakandro. "*Hifanakaiky kokoa amin'ireo mpankafy izahay amin'izany seho izany. Heno anaty onjempeo foana ny feonay fa amin'izao kosa tena hifanatrika sy hifampitakosona amin'ireo mpankafy sy ny mpanaraka tantara izahay*", hoy izy ireo. Amin'io fotoana



**Tarika Iray Fy'Art ahitana an'i Niravo, Antsaravaka, Rakoto, Faly, Synèse.**

io no hitondran'ny Tarika Fy'Art ilay tantara mitondra ny lohateny hoe "*Ny herin' ny vola*". Tantara maneho ny fiainana andavanandro ifanjevoan'ny resa-pitiavana sy ny tazon-karena. Eo koa ireo trangam-piarahamonina iainana amin'izao fotoana izao sy ny fampihomehezana eny an-tsefantsefan'ny tantara eny. Hitondra izany eny an-tsehatra ireo mpilalao tantara amin'ny onjam-peo mandrafitra ny tarika Iray Fy'Art ahitana an'i Niravo, Antsaravaka, Rakoto, Faly, Synèse. Hisahana ny fandrindrana ny seho sy ny lafiny teknika ary ny fanentanana kosa, i Bruno Rakotomalala. Hanokafan'ny tarika Iray Fy'Art ny fampisehoany amin'ity taona ity ny fiakarana an-tsehatra eny Antanetibe Mahazaza. Ity hetsika ity moa dia ny komitin'ny maintimolalin'ny fankalazana ny tsingrin-taona faha-25 n'ny CEG Antanetibe Mahazaza miaraka amin'ny Ray amandrenin'ny mpianatra no mikarakara azy. Ny vola azo amin' izany dia entina hanatsarana ny toeram-pianarana ho an'ny taranaka. **Tiaray R**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 773/20-17)

* Lamba, kiraro, kojan-dakozia, TV, bisikileta, machine, cahier sns. MA SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 781/10-8)

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : E&E, 1er plan, 16ch, T&B, QC : 5 MD Ar à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 785/10-6)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 779/10-10)

### COURS

* Cours d' Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-CL 776/5-5)

* Cours prépa. concours ENMG, ENAM, Police Mahafapo. Tél : 032.42.817.46. Fb MANAMPY JURISTE. (G-BA 769/20-20)

### AHOFA

* Tsena amoron-dalana be, mety izay amidy. Toerana Itaosy maika. Tél : 033.32.118.27. (G-BA 790/4-3)

### MITADY ASA

* Zah Chauffeur 10 ans d'expérience PC BCD. Mahay mécanique, certifié. Tél : 033.32.118.27. (G-BA 790/4-4)

* Aide-chauffeur, ménagère, livreur, gardiennage. Tél : 034.58.182.06. (G-BA 786/4-4)

* Mitady asa – Gardien, ménage du bureau, livreur en vélo. Tél : 034.41.852.77. (G-BA 787/4-4)

### SERVICE

* Vidange fosse septique, wc perdu, puisard, Makiplast, plomberie. Tél : 034.60.797.42. (G-BA 783/10-8)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard...Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA-775/20-15)

* Vidange wc fosse septique, puisard Makiplast, fosse perdue. Tél : 033.51.333.19 / 038.08.304.97. (G-BA 780/12-9)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 784/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 784/6-5)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 785/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-4)

Andranomanelatra

# Tambajotra mpividy omby halatra ravan'ny zandary, olona 4 voasambotra

Fanomezam-baovao avy amin'ny mpamily nandalo ny sakana nataon'ny zandary tao Mahandraza-Andranomanelatra amin'ny làlam-pirenena fahafito iny no nahatratrarana ity tambajotra iray ity. Ka araka ny vaovao voaray dia hoe misy olona mampiahiahy mandroaka omby roa mihazo ny làlam-pirenena. Raha vao nandre izany ny zandary dia nandeha haingana tany amin'ilay toerana voalaza tao Tsaramandroso Gara. Tratra tao tokoa ny olona roa lahy niaraka tamin'ny omby roa. Rehefa nofotorana ireo dia fantatra fa mpanera sy olona nikasa hividy ilay omby halatra ary teo am-panaovana ny ady varotra indrindra izy ireo izao trà-tehaka izao. Nokarohina ihany koa ireo mpangalatra ny omby ka tratra tsy lavitra teo ny roa lahy nanatanteraka izany.



Ireo olona voasambotra !

**Voasoroka**

Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa nisy olona voalaza fa very omby vao tsy ela akory tao amin'ny fokontany Tsaramandroso-Soamahavoky. Raha vao naheno ireo fa misy mpangalatr'omby tratran'ny zandary ao Andranomanelatra dia nirohotra namonjy ihany. Nikasa hanao fitsaràm-bahoaka avy hatrany ireo very omby ka nitaky ny hamoahana ireo olona voasambotra hanaovana izany. Niezaka nandamina sy nifampiresaka tamin'ireo ny zandary ka nilamina ihany. Notanana natao famotorana kosa izy efa-dahy voasambotra ary hatolotra ny Fitsaràna. **R.C**

Bealanana

## Mpangalatra tratran'ny olona, matin'ny fitsaràm-bahoaka

Raikitra indray ny fitsaràm-bahoaka tao Marofamara, kaominina Antsamaka, distrikan'i Bealanana ny Alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora hariva. Mpangalatra iray no niharan'izany ka namoy ny ainy mihitsy. Araka ny fanazavàna azo, nisy omby sivy very tao Antsoriamena, kaominina Antsamaka ny zoma heriny lasa teo. Niaranifanome tanana tamin'ny fikarohana ireo dahalo sy ireo omby very avy hatrany ny fokonolona tao an-toerana. Natao ny fisavàna ny kijàna, izay toerana fanatobiana omby any anatiala. Tratra tao amin'ny kijànan'ny rangahy iray ao Marofamara ny valo tamin'ireo omby very. Noho izany dia nentin'ny fokonolona avy hatrany ny tompon'ilay kijàna. Nalaina ihany koa ireo omby rehetra ary efa tafaverina amin'ny tompony.

**Naratra mafy**

Efa nentin-katezerana tamin'ity lehilahy ity avokoa ny olona teny an-dàlana ka tao ireo tsy nahatsindry fa nikasi-tànana azy. Nahita izany ny sasany dia namely ihany koa ka samy nanala ny hatezerany taminy teo avokoa ny rehetra. Naratra mafy vokatr'izany ilay lehilahy ka niafara tamin'ny famoizany ny ainy mihitsy izany. Taorian'izany vao nampandrenesina ny mpitandro filaminana ka tonga tany an-toerana ny zandary sy ny mpitsabo nanao fizahana ny razana. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana.

**R.C**

Antsirabe

# Ramatoa mpisoloky "cash point" voasambotry ny polisy

Tena mirongatra mihitsy ny asa fisolokiana amin'izao fotoana izao, izay miseho amin'ny endriny maro tokoa. Tsy ny olon-tsotra ihany no voa fa anisan'ny lasibatr'ireo mpisoloky ihany koa ireny mpanao "cash point" ireny satria vola no kirakirainy. Ramatoa iray no voasambotry ny polisy tao Antsirabe ny Alakamisy lasa teo raha nikasa hisoloky mpanao "cash point" iray tao Ambohimiandrisoa. Araka ny fanazavàna azo, nilaza tamin'ilay olona izy fa handefa vola ho azy ny vadiny ka tonga halefa mivantana amin'ilay "cash point". Mody nandamindamin-dresaka teo aloha izy ary nolazainy fa mbola mety ho elaela ka andrasany eo. Tamin'izay indrindra anefa no nanararaotany nakàna ny nomeraon'ilay mpikirakira vola amin'ny finday. Fotoana fohy taorian'izay, nahazo hafatra tamin'ny finday ity farany nilaza fa nisy nandrotsa-bola tao amin'ny kaontiny.

**Efa mailo**

Noho ity tranga ity efa mateti-piseho dia mailo avy hatrany ilay mpikirakira vola satria toa hafahafa ilay hafatra voarainy. Nitady hevitra nampandrenesana ny polisy haingana izy satria fantany teo fa mpisoloky ilay vehivavy. Ity farany, izay efa nanantena handray vola kanefa tsy nampoiziny fa polisy no tonga teo hisambotra azy. Noraisim-potsiny avy hatrany izy ary nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy hatao famotorana. Raha ny fanazavàna hatrany dia izy sy ny mpiray tsikombakomba miaraka aminy ihany no mody mandefa io hafatra io ka raha tsy mijery tsara ireo mpikirakira vola dia ny vola ao amin'ny kaontiny ihany no lasan'ireo olon-dratsy. Mila mailo sy mitandrina foana araka izany fa tena tsy kely lalana mihitsy ny ratsy ary tsy fantatra amin'ny endriny ety ivelany. **R.C**

Brickaville

## Fatin-dehilahy natsingevan' ny ranomasina

Omaly maraina no nahitàn'ny olona ity fatin-dehilahy iray tokony ho telopolo taona eo, izay natsingevan'ny ranomasina tao Tsarahonenana any Ambila Lemaitso, distrikan'i Brickaville. Efa nanomboka ho simba ny razana. Mbola teny aminy avokoa anefa ny fitafiany sy ny kiraronу. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana ary tonga nanao fizahana ny razana ihany koa ny mpitsabo. Voalaza fa tsy nahitàna ratra na mangana ny vatan'ilay lehilahy. Raha ny nambaran'ny fokonolona dia tsy mponina avy ao an-toerana izy ity fa vahiny mandalo. Noho izany dia tsy fantatra ny mombamomba azy sy izay havany. Voalaza kosa anefa fa toy ny olona tsy dia salama saina loatra izy. Hatreto, tsy mbola fantatra mazava ny tena antony nahafaty azy. Tsy nisy nahita ny nahavoazany rahateo ihany koa ny mponina fa io ny fatiny efa natsingevan'ny ranomasina io vao samy taitra ny rehetra.

**R.C**

## TATSY SY TAROA

**# Lehilahy iray niampita ny arabe no maty voafaokan'ny môtô cross teny Mamory- Ivato ny 16 Martsa lasa teo.** Naratra mafy tokoa ilay lehilahy ka novonjena nentina haingana tany amin'ny hopitaly saingy tsy tana ny ainy. Nandray an-tanana ny raharaha avy hatrany ny mpitandro filaminana tamin'ny fanaovana ny fanadihadiana.

**# Fiara iray avy any lavoloha niakatra aty Andrenivohitra no nifandona tamin'ny môtô nifanena taminy teo Andoharanofotsy** ny 19 Martsa lasa teo tokony ho tamin'ny 9 ora alina. Naratra mafy vokatr'izany ilay mpitondra môtô ka nalefa notsaboina any amin'ny hopitaly. Potika tanteraka ilay môtô ary nahitàna fahasimbana vokatry ny fifandonana ihany koa ilay fiara.

**# Tovolahy roa samihafa mpitondra môtô ihany koa no niharan-doza teny Alarobia-Amboniloha sy teny Ankatso omaly.** Raha ny fanazavàna azo dia saika vokatry ny fandehanana mafy avokoa no nahatonga ny loza. Tsy nisy anefa ny aina nafoy fa samy naratra kosa ireo mpitondra môtô ka efa nalefa notsaboina eny amin'ny hopitaly.

**# Môtô iray ihany koa no nifandona tamin'ny fiara teny Anosy omaly maraina.** Naratra ihany koa ilay mpitondra môtô. Simba ilay môtô nentiny. Voalaza fa vokatry ny fandehanana mafy no nahatonga ny loza. Tena mila mitandrina ireo mpitondra môtô fa nisesisesy loatra ny loza. **R.C**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



Ambatofinandrahana

# Rangahy maty notsatotsatohana tamin'ny antsy

*Nahita izany herisetra natao tamim-badiny izany ilay renim-pianakaviana ka niantso vonjy.*

Loza no niseho tany amin'ny tanàna tany Ambohimanana, ao anatin'ny fokontany Antsoamaina, kaominina Ambatomifanongoa, any amin'ny distrikan'Ambatofinandrahana. Rangahy lehibe iray 73 taona no maty voatsatotsatoka antsy teo amin'ny masony sy ny vavany. Feno ratra araka izany ny masony roa sady mangana. Ny molony mivonto sady feno rà, toy izany koa ny vavany sy ny orony. Ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro, nisy roa lahy tonga tany amin'ny tanànany ka raha vao nahita an'ity rangahy ity teny ambony rihana izy ireo dia niakatra ny tohatra ny iray tamin'izy roa lahy ary nisintona sy nanosika ilay rangahy avy eny ambony eny. Nianjera teny amin'ny tany ilay rangahy avy eo ka tamin' io no nanatsatotsatohana tamin'ny antsy teo amin'ny masony sy ny vavany.

**Tsy fantatra**

Nahita izany herisetra natao tamim-badiny izany ilay renim-pianakaviana ka niantso vonjy ary nandeha nankany amin'ilay zanany teny amin'ny trano avaratra nampandre ny zava-niseho. Nandritra izany dia efa lasa nitsoaka ireo nahavanon-doza. Taorian'izay, nentina nankany amin'ny CSB-II Ambondromisotra ilay rangahy naratra saingy fotoana marmaro nitsaboana azy tany dia tsy tana intsony ny ainy. Efa nampandrenesina mikasika ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana ka efa nidina nanao fizahana ifotony. Hatreto aloha dia tsy fantatra mazava ny antony nanaovana izao herisetra mihatra aman'aina nitarika tamin'ny fahafatesana natao tamin'ity rangahy lehibe ity izao. Efa mandeha ny famotorana sy fikarohana ireo nahavanon-doza.

T.H

Ambohimandroso

# Rangahy 55 taona saika hanolana ankizivavikely

Rangahy iray 55 taona no saika hanolana ankizivavikely 13 tany Antsenakely, ao anatin'ny fokontany Ambohimandroso B, kaominina Ambohimandroso distrikan'Antanifotsy ny alin'ny alarobia hifoha alakamisy lasa teo. Tokony ho tamin'ny 3 ora maraina, nandeha tao amin'ny efitra fatorian'ilay zazavavikely ity rangahy ity ka avy hatrany dia nanatsofoka ny tanany tany anaty pataloan'ilay ankizy. Taitra avy hatrany anefa ity farany ka niala haingana teo ilay rangahy. Nitantara ny zava-nitranga tany amin'ny ray aman-dreniny ilay zazavavy taorian'izay. Nanoloana izany dia nandeha nankany amin'ny biraon'ny zana-tobiparitra Ambohimandroso ny renin'ilay ankizivavy nametraka fitoriana.

*Nandeha tao amin'ny efitra fatorian'ilay zazavavikely ity rangahy ity ka avy hatrany dia nanatsofoka ny tanany tany anaty pataloan'ilay ankizy.*

**Mpivarotra mitety tsena**

Araka ny fanazavana, nisy mpivarotra mitety tsena mahafantatra azy ireo sady mpiara-monina amin'izy ireo rahateo ka niangavy ny tompon-trano mba hatory ao amin'izy ireo tamin'io alina io. Nentim-pahatsorana ny tao an-trano ka nanaiky izany. Nony tamin' ny 3 ora maraina anefa rehefa avy nanatitra ny vadiny hivarotra any Ambohibary ilay rangahy dia nandeha tao amin'ny efitra fatorian'ilay zazavavy ary io nikasa hanolana io. Efa nentina nankany amin'ny tobim-pahasalamana ilay zazavavikely nanaovana fizahana ka fantatra tamin' ny alalan'izany fa mbola virijiny izy ary tsy misy atahorana ny fahasalamany. Efa nosamborina kosa ilay rangahy nikasa hanolana ary efa nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary avy ao amin'ny zana-tobimparitra Ambohimandroso taorian'izay. Dia natao andrimaso tany izy ary nanaovana famotorana ihany koa. Rehefa vita ny fakàna am-bavany azy teny anivon' ny mpitandro filaminana dia hatolotra ny fampanoavana any amin'ny fitsarana indray ny raharaha.

T.H

Ambanja

# Mpisoloky ho dadibe, olona iray nahazoany vola 6 tapitrisa ariary

Olona roa, lehilahy iray sy vehivavy iray no voasambotry ny polisy tany Ambanja ny 17 martsa lasa teo tany Ambanja noho ny resaka fisolokiana. Olona iray no lasibatr'izy ireo tamin'izany ka nahazoan'izy ireo vola mitentina 6 tapitrisa ariary. Nantsoin'ireo mpisoloky io olona io ary nitonona ho dadibe izy ireo ka nolazainy fa afaka mangata-pitahiana sy manatanteraka izay zavatra iriny ilay olona. Ho takalon'izany anefa dia notakian'izy ireo vola sy firavaka volafotsy io olona io. Resy lahatra tokoa aloha ity farany tamin'io ka nanaiky izay zavatra notenenin'ireo mpisoloky ireo. Rehefa handeha hanatitra ireo zavatra nangatahin'izy ireo ilay olona dia tsy tonga dia natolotra mivantana izany fa nolazainy fa ho fangatahapitahiana ka nasainy navela teo amin'ny hazo iray teo.




Ireo voasambotra.

Teti-dratsy efa nomanin-dry zalahy handrebirebena ilay olona fotsiny anefa izany satria raha vao napetrak'ilay olona teo ilay vola sy firavaka dia hitany nisy olona roa naka ireo teo amin'ilay hazo. Nampiahiahy an'ilay olona avy hatrany ny fihetsik'izy ireo tamin'io fotoana io ka niantso polisy ilay voasoloky. Raha vao nandre izany ireo mpitandro filaminana dia nankany amin'ilay toerana nisambotra ireo olona roa ireo ary taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy tany Ambanja natao famotorana.

T.H

## Ho anao Ramatoa

### Fomba fanalana tasy amin'ny akanjon-jazakely



Saro-pady ny lamba fitafin-jazakely ka tsy tokony hafangaro amin'ny lamban'olon-dehibe indrindra rehefa manasa azy na amin'ny tanana na any amin'ny masinina. Mikasika izany fanasana ny akanjon'ny zazakely izany indrindra no torohevitra entina ho anao anio eto amin'ny « ho anao Ramatoa ». Maro mantsy ny tasy somary sarotra esorina ka manahirana ny renim-pianakaviana. Ireto àry misy fomba tsotra fanalana izany maloto miraikitra amin'ny lamba fitafin-jazakely izany. Tokony ho diovina foana aloha mantsy ilay tasy mialoha ny hanasana ilay akanjo.


**Raha misy ronono ilay akanjon-jaza**: lemana kely ny faritra misy ilay tasy dia asiana savony ary kosehina. Dia avela hilona mandritra ny ora iray na mihoatra eo. Dia averina sasana avy eo fa ho afaka iny faritry ny ronono amin'ny lambany iny.

**Raha misy tasin-dranon-karaoty kosa ilay akanjo** : kosehina amin'ny vovon-dandihazo efa novontosana alikaola 90 ny faritr'ilay tasy. Dia kobanina amin'ny « eau de javel » aloha. Dia averina kobanina amin'ny rano tsotra indray mialoha ny hanasana tanteraka an'ilay akanjo.

**Fanalana ny tasy maloto avoakan'ny zaza (lo na fivalanan-drano sns) amin'ny akanjo** : kosehina amin'ny rano aloha ilay tasy dia avy eo rarahana ranon-tsavony kely sy ammoniaque eo amin'ilay faritra maloto. Dia avelao hilona mandritra ny fahefatradiny ao anaty rano matimaty ilay akanjo dia izay vao sasana aorian'izay.

**Ho an'izay mampiasa ireny lamban-jaza efa-joro fotsifotsy fatao salakan-jazakely ireny kosa** : rehefa misy maloton'ilay zaza ireny na faritra nisy ilay fivalanan-drano dia ajoboka ao anaty rano ary kosehina hiala aloha ilay maloto. Dia hosorana savony ny faritra misy ny tasy. Dia avy eo rarahana ireny sur'eau fanadiovana rano ireny indray. Dia kosehina eo ihany ary ho hitanao fa ho fotsy botsika ihany ilay lamba fotsifotsy iny. Tsy azo atao amin'ny loko ankoatra ny fotsy anefa ity torohevitra iray ity fa manjary mampiova ny lokon-damba ilay izy.

Marihina fa tsara kokoa raha savony nosy no hanasana ny lamban'ny zazakely. Mbola marofy mantsy ny zaza ka mila fitandremana be ny fanasana ny lambany. Maro ny zavatra tsy zakan'ny hoditr'izy ireo ka mety hitarika aretina ho azy izany.



Fivarotana ny tranom-panjakana any "Le Cap"

# Lafiny ara-bola sy ara-teknika no mety ho antony, hoy i Serge Zafimahova

Niteraka fanontaniana tao an-tsain'ny maro ny fanapahan-kevitra noraisina, nandritra ny filan-kevitry ny minisitra farany teo, nanakatona ny "Consulat Général" n'i Madagasikara, any"Le Cap" Afrika Atsimo sy ny famarotana ny tranom-panjakana, toeram-piasana any an-toerana. Araka ny fanazavana nomen'ny mpanao pôlitika sady mpandalina raharaha pôlitika, Serge Zafimahova dia lafiny roa no ho antony nandraisana ny fanapahan-kevitra. Voalohany, lafiny ara-teknika. Notsiahiviny fa nandritra ny fotoana nitondran'ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana ny tany sy ny fanjakana no nametrahana ny "Consulat Général", tany "Le Cap". Itsy farany izay nambaran'i Serge Zafimahova fa tsy dia mitombina loatra ny fametrahana azy satria tsy manana andraikitra afa-tsy mikarakara ny tera-tany Malagasy any an-toerana. Isika rahateo, hoy izy efa manana ny masoivohon'i Madagasikara any "Johannesburg". Mikasika an'i Madagasikara manokana, aorian'ny fanakatonana ny any "Le Cap" dia "Consulat Général" roa izany izao sisa no ananantsika: ny any Parisy sy ny any Marseille.



Le Cap - Afrika Atsimo ( sary tahiry )

**Sahirana ara-bola !**

Ankoatry ny lafiny teknika dia mety ho antony ara-bola ihany koa no nandraisana ny fanapahan-kevitra, nanakatonana ny "Consulat Général" n'i Madagasikara any Afrika Atsimo. Tsy takona afenina fa manana fahasahiranana ara-bola ny fanjakana amin'izao fotoana izao ka heverina fa mila an'izany ny sehatry ny diplômasia. Toerana fanaovan'ny mpanam-bola fialan-tsasatra rahateo ny any "Le Cap" ka azo antoka fa lafo mifanahantsahana amin'izany ny saran'ny vidin'ny trano. Ny fanontaniana manitikitika ny saina fotsiny manoloana izany, hoy i Serge Zafimahova dia amin'ny fomba manao ahoana no hanatanterahan'ny fanjakana ny fivarotana ny trano fiasana any an-toerana? Raha ny tokony ho izy dia hisokatra atsy ho atsy izany ny tolobidy iraisam-pirenena hampahafantarana fa havadika vola ny fananan-dRamalagasy !

V.R.

## Marina izany !


### Mitaintain-dava !

**Mampihoron-koditra ny endrika isehoan'ny tsy fandriampahalemana eto amintsika. Tsy misy andro tsy andrenesana asan-jiolahy sy herisetra, amoizana ain'olona sy fananana, na farafahakeliny andratrana olom-pirenena. Ny firongatry ny tsy fandriampahalemana izay resahina ombieny ombieny fa sady mampitaintain-dava ny isan-tokatrano no mahatonga ny olom-pirenena hiraviravy tanana amin'ny asa fanaony andavanandro. Raha vahaolana avy amin'ny mpitandro filaminana sy ny mpitondra fanjakana, amin'ny ankapobeny no andrasan'ny maro dia vao maika manome vahana ny jiolahy hanao ny asa ratsiny ny delestazy any an-tokatrano. Tranga hamafisin'ny haizina eny anelakelan-trano eny ka mahatonga ny olon-dratsy ho banga mihomehy alina, araka ny fomba fiteny. Tsy mahagaga raha mirongatra ny asan-jiolahy satria tsy mitsaha-mitombo ny tokatrano mahantra, vokatry na fanaparam-pahefana sy tsindry hazolena ka mahatonga ny fianakaviana iray ho very fananana ao anatin'ny indray mipi-maso. Dia ireny iaraha-mahita eny amin'ny fiarahamonina ireny ny fiantraikany, raha tsy hitanisa afa-tsy ny fitombon'ny mpangataka amorondalana; ny mpanorina trano fonenana eny akaikin'ny dabam-pako; ny mpivaro-pananana mitombo andro aman' alina, indrindra ny eny amin'ny faritra iva; ny fahamaroan'ny zaza tsy miditra an-tsekoly ary mirenireny eny amorondalana…Antony hafa mampirongatra ny tsy fandriampahalemana ihany koa ny fisian'ny tanora maro, na very asa, na tsy mahita asa na potehin'ny zava-mahadomelina sy ny zava-pisotro mahamamo izay ampidirina an-tsokosoko eto amintsika, noho ny tombontsoa manokana. Hany ka jerempotsiny fa tsy itadiavam-bahaolana.**

Voahangy Rakotozafy

Fifidianana solombavambahoaka

# Mandra-piandry ny lisitra ôfisialy, minisitra 4 no efa fantapantatra fa ho mpifaninana





Somary azo lazaina ho saropiterahana ny famoahana ny anaran'ireo kandidà hirotsaka amin'ny anaran'ny antoko manohana ny fitondrana, raha toa ka efa mandeha tsikelikely ny an' ny vovonana ivondronan'ny mpanohitra. Mbola ny antoko sy ny fikambanana hanohana aloha no nampahafantarina amin'ny fomba ôfisialy, mialoha ny nilazana fa havoaka tsy ho ela ny anaran'ny mpifaninana. Na izany na tsy izany, mandrapiandry ny lisitra eken'ny mpanapa-kevitra dia fantampantatra, na dia mbola tsy ôfisialy aza fa mpikambana ao amin'ny governemanta 5 no mety ho kandidà. Anisan'izany ny minisitry ny fampianarana arateknika, mety ho handidà any amin'ny distrikan'i Faratsiho ; ny minisitry ny Fanatanjahantena, mety ho mpifaninana any amin'ny distrikan'i Morondava ; ny minisitry ny Mponina, any amin'ny distrikan'Ambositra; ny minisitry ny Fanabeazam-pirenena, any Fianarantsoa voalohany ary ny minisitry ny Atitany, any amin'ny distrikan'i Sambava. Itsy farany izay tsiahivina fa efa manao fampielezankevitra mialoha ny fotoana, raha ny sary niparitaka teny amin'ny tambajotra sôsialy, andro vitsivitsy lasa izay.

V.R.







Avy any ankavia, miankavanana: ny minisitry ny Fanabeazam-pirenena-Fanatanjahantena-Atitany-Fampianarana ara-teknika-Mponina.

Monja Roindefo - Filohan'ny MONIMA

# "Fanjakana kisarisary manitsakitsaka làlampanorenana no natsangan'ny fifidianana teo"

Tsy nitsitsy fitenenana manoloana ny toe-draharaham-pirenena eto Madagasikara ankehitriny Ing. Monja Roindefo, Praiminisitra teo aloha sady Filoha Nasionalin'ny MONIMA nandritra ny fidirana ara-politika 2024 nataon'io antoko io teny Antsakaviro, omaly. Isan'ny nasiany tsindrimpeo manokana tamin'izany ny momba ny fifidianana filoham-pirenena farany teo, izay nanilihana azy tsy ho kandidà sy ny vokatra nentin'izany ho an'ny firenentsika amin'izao fotoana izao. "*Ireo lalana sarotra maro efa nodiavina teto amin'ny tantaran'ny firenena dia mampatsiahy antsika ireo olana natrehantsika tamin' ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny desambra 2023 teo. Fifidianana izay nahitana tsy fahatomombanana maro, io fifidianana io no fiolahana lehibe, nampiharihary ny fisian'ny saritsarim-pitondrana nanitsakitsaka ny lalàmpanorenana, nanivaiva ny fototry ny tany tan-dalàna. Vavolom-belon'ny tsy fahatomombanana marobe tamin' iny fifidianana 2023 iny isika, izay nahitana ny fitsanganana Fanjakana kisarisary izay manitsakitsaka ny maha masina ny lalampanorenana*", hoy Ing. Monja Roindefo tamin'izany.



Monja Roindefo, filohan'ny Antoko MONIMA.

Etsy andanin'izany, nitondra ny heviny mikasika ny firosoana amin'ny fifidianana solombavambahoaka sy ny fihetsiketsehan'ny mpanao politika amin'ny fanomanana izany ihany koa io Filoha Nasionalin'ny MONIMA io nandritra izany.

**Hosoka sy hala-bato**

"*Momba ny fifidianana solombavambahoaka, fantatsika fa fifidianana manakaiky vahoaka io, izany hoe zava-dehibe amin'ny fanohizana ny tolona hamerenana ny tany tan-dalàna. Ambarako etoana, ny fanohanako ny hetahetanareo amin'izany ady iombonana izany. Na izany aza dia tsindriako fa mbola tsy miova ny fijerin'ny Monima momba ny fomba ratsy fanao amin'ny fifidianana eto. Koa dia amboary ny saina hiatrika ny hosoka sy hala-bato ary izay rehetra tsy fahatomombanana hiseho eo*", hoy izy tamin' izany. Manaraka izany, tsy nohadinoiny ihany koa ny namaritra ny toe-draharaha ara-toekarena sy ara-tsosialy misy eto amin'ny firenena ankehitriny. "Ankehitriny dia eo amin'ny kihondalana sarotra isika. Ny karama tsy miakatra nefa ny vidim-piainana tsy mitsahamidangana, ny zava-misy amin'ny tsy fandriampahalemana, ny kolikoly sy ny tsy fahaiza-mitantana. Tampindala-kaleha isika noho ny ataon'ny mpitondra. Tsy misy fiatraikany amin'ny fiainam-bahoaka ny harena sesehena eto amin'ny firenena", hoy izy tamin'izany.

**Ny vahiny no mifehy**

Eo amin'izay lafiny ara-toekarena izay ihany dia tsy nivilivily Ing. Monja Roindefo raha nilaza fa ny vahiny no mifehy ny toekarentsika eto amin'izao fotoana izao. Ao anatin' izany rehetra izany, nampanatena io Filoha Nasionalin' ny MONIMA io fa hanohy ny fitondrana ny feon'ireo tsy misy mpihaino sy iharan'ny tsindry hazolena ny tenany. "*Isika dia mikatsaka ny fanovana mahery vaika, miainga amin'ny hery velona eto amin'ny firenena. Manomana Madagasikara izay anjakan'ny fiandrianampirenena hamafisin'ny tetik' asa sosialy maty paika, mba hivoahan'ny vahoaka 30 tapitrisa amin'izao fahantrana lalina izao*", hoy izy tamin'izany.

**Mamy R.**

Lalatiana Ravololomanana

# "Manomboka mihemotra ny fomba fitantanana ny tanànan'Antananarivo"

Milaza ho mahatsikaritra ny Mpanolontsain'ny Tanàna, Lalatiana Ravololomanana, raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny Andravoahangy omaly fa manomboka mihemotra ny fomba fitantanana ny tanànan'Antananarivo amin' izao fotoana izao. Ohatra noraisiny tamin'izany ny fiverenan'ny fakana habantsena mivantana, izay nomarihany fa mampahazo vahana ny kolikoly kanefa natao tamin'ny alàlan'ny fampiasana "digitaligation" izany teo aloha. Etsy andanin'izany, nanao tatitra ny fivoriana niarahan'ny mpanolontsain'ny tanàna sy ny mpanatanteraka eo anivon' ny Fiadidiana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra tamin'ity herinandro ity io mpanao politika io nandritra izany. Isan'ny naveriny tamin'izany ny fandraisampitenenan'ny PDS Richard Ramanambitana sy ny fihetsika nasehon'ireo mpanolontsain'ny tanàna mpanohitra teo aloha, izay raha dinihana maimaika dia tsy levon'ny vavonin'ity mpanolontsain'ny tanàna akaiky ny ben'ny tanàna teo aloha ity. "*Nilaza mivantana io Filohan' ny Delegasiona manokana io tao anatin'ny fandraisampitenenany fa tsy nahomby tamin'ny fitantanana ny tanàna ny olona nodimbiasany. Zava-nitranga nahavariana ahy nandritra ny fivoriana ihany koa ny fihetsik'ireo mpanolontsain'ny tanàna mpanohitra, izay nitoraka voninkazo io mpitantana ny kaominina vaovao io. Ny fandraisako ny zava-misy dia faly izy ireo fa tonga ny PDS ary mieritreritra fa izy no hanao fahagagana sy fanatsarana ny tanàna*", hoy Rtoa Lalatiana Ravololomanana tamin' izany.

**Mamy R.**

Mpisolovava an'i Andry Andriatongarivo

# Nandefa taratasy misokatra ho an'ny mpitondra fanjakana




Ato amin'ity fonja manaram-penitra ity no hitazonana an'i Andry Andriatongarivo.

Manoloana ny zava-misy sy ny antsojay manjo an'i Andry Andriatongarivo dia nandefa taratasy misokatra any amin'ireo mpitondra fanjakana mahefa ireo mpisolovava ny, ny fianakaviany ary ireo akaiky azy rehetra. Isan'ny iantefan'izany mivantana ny Filohan'ny Repoblika sy ny Praiminisitra ary ny minisitry ny Fitsarana izay mampahafanatra azy ireo ny voalazany fa fihetsika diso tafahoatra ataon'ny minisitry Fampianarana teknika sy ny fanofanana ara-kasa amin'Atoa Andry Andriatongarivo. Vahosihosy tanteraka ny soatoaviana malagasy dia ny tsy fanajana ny hasin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka. Raha tsiahivina, dia tsy noraharahiana akoary ireo nahitan'i Andry masoandro fa notoriana avy hatrany rehetra mba nivoy fitoniana teo amin'ny andaniny sy ny ankilany. Raharaha izay tokony hijanona fotsiny teo amin'ny fifanolanan'ny mpivady izay nanapan-kevitra samy hanana ny lalany. Ny zavatra hita dia misongadina ny fampiasana ny fitsarana sy ny fahefampanjakana ho entina hamotehana ny mpifanandrina aminy izay mibaribary fa hery roa tena tsy mitovy. Maro tamin'ireo mampiasa tambazotran-tserasera no mahita fa tsy mandeha amin'ny laoniny ny zava-misy ka efa nanao antso ny hampitsaharana izany. Isan'ny niharan'izany sy voaendrikendrika mivantana ny anabavin'i Andry izay lazaina fa mikotrika fanenjehana ara-pitsarana ambadika. Manoloana ireo rehetra ireo dia tsy hikipy fotsiny eo anatrehan'ny zava-misy izy ireo mba hanodikodinana ny marina eo imason'ny mpanara-baovao. Raha jerena maimaika dia isan'ny mizaka ny tsy eran'ny aina voalohany sady mivantana amin'ity raharaha ity Atoa Andry Andriatongarivo. Izy izay miaina mivantana ny tahotra sy ny horohoro rehetra atao aminy mandritra izay roa taona izay. Indrindra ny tsikombakomba ratsy tamin'ny fitadiavana ny hamonoana azy saingy ninina nangina hatrany. Nampatsahivin'izy ireo tao anatin'ity taratasy ity teto ny fangatahan'Atoa Andry Andriatongarivo tamin' Atoa Filoham-pirenena ny fisitahany hiala tsy ho Sekretera Jeneralin'ny ministeran'ny Angovo sy ny Akoran'afo intsony. Anton'izany araka ny fanazavany dia ny mba hananany fitoniana sy ny fiainana milamina ivelan'ny tontolo politika. Manoloana izao fitarainana dia miantso ny Filohan'ny Repoblika izy ireo mba handray andraikitra hiteny ny fanajanonana ny antsojay ataon'ity minisitra ity amin'izy ireo. Ny tanjon'ny ny mpisolovava sy ny fianakavian'i Andry Andriatongarivo dia hampanjakana ny marina sy ny rariny ao anatin'ny raharaham-pitsarana izay tokony hahaleo tena tanteraka.

**Nangonin'i JUDD**



## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Toamasina

# Niverina nanao ny asany ireo mpitatitra solika

Mivaha amin'ny ampahany ny olana ao Toamasina. Taorian'ny fifampiresahana niarahan'ny SCPM (Syndicat des Conducteurs Professionnels de Madagascar) niaraka tamin'ny lehiben'ny fampanoavana, ny zadarimariam-pirenena, ny OMC (Organe Mixte de Conception nationale), ary ny OMH (Office Malgache des Hydrocarbures), dia nanapakevitra ireo mpitatitra solika fa hiverina hanao ny asany ara-dalàna nanomboka omaly antoandro. Na izany aza, mbola mitaky ny hamohana ny namany 3 nosamborina niaraka tamin' ireo olona 8 hafa voarohirohy tamin'ny halatra solika tao amin'ny tobimpanadiovana solika ao Toamasina ireto farany. Omaly no fantatra fa niakatra taty amin'ny fampanoavana Antananarivo ireto olona voarohirohy ireto. Tsiahivina fa nanomboka ny talata lasa teo no nitokona ireo mpitatitra solika ao Toamasina. Natsahatr'izy ireo avokoa ny famatsiana solika mandalo ny lalam-pirenena faharoa sy fahadimy. Nifampitadiavana vokatr'izany ny solika tao amin'ny Renivohitry ny faritra Atsinanana. Niditra an-tsehatra namaha olana ireo manam-pahefana tany an-toerana, ka nanaiky hanao asa farany kely indrindra ao anatin'ny roa andro ireo mpitatitra solika. Nitohy hatramin'ny omaly ny dinika, ka izao nahitana marimaritra iraisana izao.


**R. Muray**



**Miverina amin'ny laoniny ny famatsiana solika. (Tahirin-tsary)**

Minisitry ny harena an-kibon'ny tany

# Nifampidinika tamin'ny Ambasadaoro aostraliana



**Samy vonona amin'ny hanatsarana ny fiaraha-miasa ny roa tonta.**

Vao tamin'ny alarobia lasa teo no nanolotra tamin'ny fomba ofisialy ny taratasy manendry azy ho Masoivoho vaovao'i Aostralia eto Madagasikara, tamin' ny Filohan'ny Repoblika Rajoelina Andry teny Avoloha, Rtoa Kate Chamley. Avy hatrany dia tonga nanao fitsidihana ny Minisitry ny harena an-kibon'ny tany, Rakotomalala Olivier Herindrainy, teny amin'ny biraony Ampandrianomby ity diplaomaty ity afakomaly. Niompana tamin' ny fizarana traikefa sy fiofanana eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ny dinika nifanaovan'ny roa tonta. *"Sehatra iray mitana anjara toerana amin'ny famoronana asa sy manampy amin'ny ho avy ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany. Tombony lehibe ho ahy ny fihaonana tamin'ny Minisitry ny harena an-kibon'ny tany, izay nahafahana nifanakalo hevitra momba io sehatra io, indrindra fa ny fahavononan'i Aostralia hampiasa vola eto sy ny fanatsarana ny fiaraha-miasan'ny firenena roa tonta mba hahomby kokoa."*, hoy ny Ambasadaoro Kate Chamley. Tsiahivina fa efa misy orinasa aostraliana misehatra amin' ny harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara. Nohamafisin'ny Minisitra Rakotomalala Olivier Herindrainy fa firenena efa mandrosobe amin'ny lafiny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany i Aostralia, ka tsara alaintahaka. Santatra ambavarano ihany ity fihaonana ity fa mbola hisy ny fitohizan'ny dinika amin'ireo teboka vitsivitsy nifampiresahan'ny andaniny sy ny ankilany, araka ny fanamafisana nataon'ny Minisitra.

**R. Muray**

Mahitsy

# Hamokatra "Ketchup"

Mahavokatra voatabia ny kaominina ambanivohitra Mahitsy, distrikan'Ambohidratrimo. Azon'ny orinasa "Dago Green Consulting" ny fitantanana ny taninketsa indostrialy mpanodina voatabia ho lasa "Ketchup" ao an-toerana. Mahavita manodina voatabia 100 kg isan' ora ny milina ampiasainy. Efa misy fikambanana mpamboly voatabia manana mpikambana 36 ao amin'ity kaominina ity, ary mahavita mamokatra 250 kesika. *"Tamin'ny taona 2017 no nananganako ny orinasako. Fanovan-draharaha no tena natao tamin'izany. Rehefa tena nandeha sy niroborobo anefa dia tsapa fa ny fitadiavana lalam-barotra hamoaham-bokatra no tena manahirana ny olona. Tamin' izany indrindra no nitsiry ny hevitra hanangana orinasa fanodinam-bokatra. Namaly ny antso tamin'ny tolo-bidy nataon'ny fanjakana izahay, ka izao nahazo ny tsenambarotra izao."*, hoy Rakotoarimanana Tamby, filoha mpanorina ny "Dago Green Consulting". Notanterahina omaly ny fitokanana tamin' ny fomba ofisialy ity ozinina ity. Amin'ny maha mpandraharaha matihanina an'i Rakotoarimanana Tamby, dia tsy adinony ny nizara ny fahombiazany, izay nianga tamin'ny fahaizana mitarika sy fahaizana mitantana fotoana sy olana azony tany amin'ny skoto andaniny, sy ny fahitsiana sy fahendrena azony tamin'ny fanompoana an'Andrimanitra ankilany.

**R. Muray**



**Ny tompon'ny Dago Green (ankavia) maneho ny vokatra azo tamin'ny fanodinana voatabia.**

**Samy...**

**Mangidy !**

Tafakatra enina arivo ariary, misy aza mihoatra izany, ny vidin'ny kilaon' ny siramamy eto Antananarivo renivohitra sy ny manodidina. Na tiana na tsy tiana, hisy fiantraikany amin'ny sakafo mampiasa sy mila siramamy io, resaka isika samy isika ihany, ka ilay mamy nantenaina manjary mangidy. Mangidy hiseho amin'ny endrika samihafa. Toy ny fihenan'ilay kafe na dite sotroina na ny fiakaran'ny vidiny noho ny siramamy lasa lafo loatra. Asa aloha izay hiseho amin'ny mofomamy raha mbola hijanona ho mamy izy ireny noho ny siramamy milahatra amin'ny entana lafo vidy na hihena ny habeny tsy toy ny teo aloha. Raha ireo ny tranga mety hiseho eo amin'ny andavanandrompiainana vokatr'izao vidin' ny siramamy izao, ny mahalasa eritreritra, resaka isika samy isika ihany, miakatra ny vidin'ity entana ity ao anatin'ny fotoana hanarahan'ny fanjakana maso ny entana ilaina amin'ny fiainana andavanandro sy ny vidiny. Asa moa raha hijanona amin'io vidiny ankehitriny io ny siramamy na tsia na dia eo aza ny fifaninanan'ny vokatra eto an-toerana sy ny hafarana any ivelany ? Ny tsy azo lavina aloha, toa mbola betsaka ny hafarana noho ny vokatra etoan-toerana. Manazava izany ny zava-misy amin' ireo orinasa mpamokatra siramamy eto an-toerana. Fanamby napetraky ny tomponandraikitra sy ny manampahefana eto amintsika ny hamokarana eto an-toerana ny zavatra ilain'ny firenena. Efa mamokatra tokoa isika, saingy asa moa raha maharaka ny filàna izany ! Indrindra amin'ireo entana ilaina amin'ny fiainana andavanandro toy ny siramamy !

Samy isika ihany é !

**Herivonjy RAJAONAH**

**...isika**

Martin Rajaona

# Tsy misy tanana roa, mampiditra fanjaitra sy manofa vary amin'ny tongotra


*Voajanahary ao aminy ny manao ny asan'ny tanana rehetra amin'ny tongotra.*

Vao teraka dia efa tsy nisy tanana roa i Martin Rajaona. Lasa voajanahary aminy noho izany ny manao izay zavatra rehetra vitan'ny tanana amin'ny alàlan'ny tongotra roa. « *Mianadahy izahay no zanak'i Dada sy Neny saingy izaho no nisy fahasembanana tsy nisy tanana roa. Ilay Ray moa nandositra adidy ka tsy hita hatramin'izao izay nisy azy. Nanao ezaka irery teny foana i Neny namelona anay, nampianatra sy namolavola ho olom-banona.* » hoy i Martin Rajaona nitantara ny fiainany. Mbola kely dia efa niady ary mbola miady hatramin'izao faha-55 taonany izao i Martin saingy tsy kivy. Niteraka roa lahy izy ary manambady ka anisan'ny tanjony ny hahatafita ny ankohonany. « *Nisy ny ezaka nataon'ny reniko saingy tonga teo amin'ny kilasy T7 dia tsy maintsy niady irery aho mba hahafahako mamita hatramin'ny farany ny fianarako. Lasa nitady vola aho mba hahafahako mandoa ny hofantrano sy iantohana ny sakafo. Manao fampisehoana any ambanivohitra lavitra any mba hahafahana mivelona no fidiram-bola. Isaorana ny avo fa afaka bakalorea soa aman-tsara aho.*» Miavaka sady mahaliana ny olona ny fampisehoana ataon'i Martin satria vita amin'ny tongotra daholo ny zavatra rehetra. Manomboka amin'ny fanasana vilia, fikarakarana sakafo, fanofana vary, famoasana legioma, fandrahoina sakafo eny hatramin'ny fampidirana fanjaitra aza vita amin'ny tongotra avokoa. Rehefa masaka indray ny nahandro dia misakafo toy ny olon-drehetra i Martin ary mbola ny tongotra ihany ny azy no mampiditra ny sotro any am-bava. Tsy misy manampy izy amin'izany rehetra izany fa vitany izy irery. « *Nisy masera izay no niteny tamiko tamin'ny voalohany hoe ndao ampisehoana olona ity talentanao miavaka ity ka tapakevitra aho taorian'izay fa hanao asa fivelomana azy io".* Tsy nionona tamin'izay anefa sady nisy fidrerana an'Andriamanitra tamin'ny zavatra nataony tamiko amin'ilay fampisehoana. Na eo aza mantsy ny kilemako, raha tsy noho izy tsy toy izao aho, tsy afaka miriaria miaraka amin'ny ankohonako. » hoy hatrany i Martin.

Mba hahafahany mamelona ny vady aman-janany, misy ny ezaka manokana ataony mihoatra amin'ny olona rehetra. « *Nandritra ny sivy taona, nikarama manasa lamban'olona ny asako. Sasana amin'ny tongotra ny akanjo rehetra satria tsy manana tanana aho. Matoa naharitra izany dia afapo ny olona ary tena madio tokoa ny lamba. Ankehitriny, manao fampisehoana ny asa ataoko. Mandeha any ambanivohitra be any satria mahaliana ny olona ny zavabitan'ny tongotro. Mampiditra eo amin'ny 200 000Ar hatramin'ny 300 000Ar isaky ny fampisehoana aho. Mahatsiaro reraka ihany anefa saingy tsy maintsy atao. Ny vidim-piainana ihany koa mampitaraina ka atao izay mahampy an'io fidiram-bola io.* » Satria manana ny diplaoma bakalorea i Martin dia nisy fotoana izy niasa taty Antananarivo fa amin'izao kosa efa niverina any Ambatondrazaka. Ny asa fanentanana ataoko any Ambanivohitra ihany koa mbola mitohy.

**Antso avo**

Manao antso avo amin'ny fitondram-panjakana i Martin mba hijery manokana ireo olona manana fahasembanana toa azy. Efa miezaka izahay hoy izy manao izay fomba rehetra hivoarana eo amin'ny fiainana. Tsy mbola nahatsiaro anefa na indray mandeha aza nahazo fanampiana fa tena hoe ny hatsembohan'ny tongony no hihinanan'izy mianakavy. Misy fotoana anefa mahatsiaro reraka ihany i Martin raha ny filazany satria voatery mandeha tongotra lavitra be izy vao tonga amin'ny toerana hanaovana fanentanana sy fampisehoana. Ilay tongotra avy reraka indray avy eo mbola tsy maintsy ampiasaina hitadiavam-bola. Ny taona rahateo mandroso ka tokony hisy fizahana manokana atao azy mba hahafahany miatrika ny fahanterany. Miantso ireo olona hafa ihany koa izy mba tsy hanilikilika ireo manana fahasembanana satria manan-jo toy ny olon-drehetra izy ireo. Raha misy aza ny tokony hanampiana tsy tokony hisalasala hitondra izay voatsirambin'ny tanana fa mafy ny manjo azy ireo. Any Ambatondrazaka no misy an'i Martin fa azo ifampiresahana ao amin'ny pejy facebook Rajaona Martin izy ho an'izay maniry hiara-hiasa aminy.



**Izy no Rajaona Martin, olona sembana ara-batana miezaka mivoatra eo amin'ny fiainana.**

**Nath**

Fanabeazana

# Miditra ao anatin'ny fialantsasatry ny paska ny mpianatra



**Anisan'ny be mpifidy Antsirabe amin'izao fialantsasatry ny paska izao.**

Tsy misy ny fialantsasatry ny paska ao anatin'ny programa navoakan'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena hatrany amboalohany satria manomboka ny 11 martsa 2024 ny roavolana fahefatra ary mifarana ny 26 martsa 2024. Ny fiatoana efa voalaza hatrany amboalohany ihany koa dia ny sabotsy 2 martsa 2024 hatramin'ny 10 martsa 2024 ihany ary any amin'ny sabotsy 27 aprily hatramin'ny 5 may 2024 ihany. Tsy nanaraka izay anefa ny mpianatra eny amin'ny sekoly tsy miankina amin'ny fanjakana. Vao nahavita ny fanadinana izy ireo tamin'ity herinandro ity ary niditra avy hatrany amin'ny fialantsasatry ny paska. Any amin'ny 8 aprily 2024 vao miverina mianatra ireo mpianatra. Ho lavalava ny faran'ny herinandron'ny paska satria mifampitohy amin'ny 29 martsa izay andro zoma izany. Betsaka ireo efa nanao fandaharam-potoana ny hivoaka kely ny renivohitra amin'izao fialantsasatra izao. « *Efa mahazatra anay isan-taona ny maka rivotra kely. Amin'ity indray mitoraka ity, nosafidiana manokana Antsirabe satria misy ny hetsika maimaimpoana iarahana amin'ny Star Tour any. Mankafy Ambondrona rahateo ny ankizy moa tsy dia lavitra loatra iny toerana iny raha oharina amin'ny mahazatra anay. Efa niomana mialoha amin'ny trano fandraisam-bahiny satria azo antoka fa ho betsaka ny olona ho any an-toerana, toy ny isan-taona ihany moa.* » hoy Ralandy, raim-pianakaviana. Tsy vitsy ihany koa anefa ireo efa manomana sahady ny fanadinam-panjakana satria roavolana iray sisa dia hifarana ny taom-pianarana ary hanomboka ny fanadinana rehetra. Any amin'ny 29 jona 2024 kosa ny fialantsasatra lehibe ho an'izay tsy afaka mandeha amin'izao fetin'ny paska izao.

**Nath**

CNAPMAD

# Mikarakara foara mampahafantatra ny vokatr'izy ireo

Efa 42 taona nijoroana amin'izao fotoana izao ny Cnapmad na ny « Centre National de Production de Matériels Didactiques ». Maro ny sedra nolalovan'izy ireo saingy ankehitriny miezaka miarina ity orinasam-panjakana ity. Nanomboka ny alakamisy lasa teo hatramin'ny 29 martsa 2024, misy ny foara andiany voalohany karakarain'izy ireo ho fampahafantarana ny Cnapmad sy ireo vokatra vokarin'izy ireo. Orinasa mpamokatra fitaovana enti-mampianatra sy fitaovam-pianarana toy ny boky sy dabilio, Tables trigonométriques ary kojakoja maro isan-karazany ny Cnapmad. Anisan'ny mampiavaka azy ihany koa ny famokarana ireo fitaovana fampiasa amin'ny fikarohana siantifika toy ny « verreries de laboratoire ». Raha ny kalitaon'ireo fitaovana vokariny, izay tena mafy sy mateza ary maharitra aman-taonany maro. Miavaka ary manaraka ny fenitra ny asan'izy ireo ka mahatonga ireo laboratoara manafatra fitaovana ao amin'izy ireo. Araka ny fanazavan'i Eliane Ranosy, Talen'ny Orinasa : « *Tanjona amin'ny fanatanterahina izao Foara izao ny hamerenana amin'ny heriny sy ny lazany toy ny teo aloha ny Cnapmad. Mampiseho ny vokatra sy milaza fa miverina miasa tahaka ny taloha ny centre ary afaka mamatsy ara- pitaovana ny sekoly indray.*» Tsy ho an'ny sekolim-panjakana ihany fa rehefa sekoly mila fitaovana dia afaka miara-miasa amin'ny Cnapmad izy rehetra ireo. Ankoatran'ny famokarana fitaovana, ao amin'ny Cnapmad no toerana fanontana ireny taratasim-panadinana ireny ary miezaka mampanarapenitra ny vokatra vokariny ireo mpiara-misa 130 ao an-toerana.

**Nath**



**Manaraka ny fenitra ny fitaovana vokarina ao amin'ny Cnapmad.**

Kitra - "Fenêtre FIFA"

# Lavon'ny Barea 1 no ho 0 i Burundi





Baolina tokana nampidirin'ny Kapiteny Rayan Raveloson teo amin'ny faha-19 minitra no nitondra ny fandresena ho an'ny Barea de Madagascar, omaly, teny amin'ny kianjaben'i Mahamasina tamin'ny lalao arapirahalahiana voalohany niatrehantsika ny "Fenêtre FIFA". Voatazon'ny mpilaontsika ny isa tokana azony, izay azo lazaina fa ampy hiatrehany amin'ny ekipam-pirenen'i Rwanda amin'ny alatsinainy 25 martsa 2024 izao. Betsaka ny lesoka tsy maintsy asian'ny mpanazatra Rakotondrabe Félix Romuald "Roro" fanamboarana eo amin'ny fanafainganana ny lafiny sy ny fiarovantena, izay tsapa fa misy an-tandrevaka teo amin'i Berajo sy Rojobe, nanolotra baolina maimaimpoana matetika ny mpifanandrina tamintsika ka saika nividiana lafo. Soa ihany fa mailo i Laiton Sonny mpiandry tsatoby nanohana ny baolina tsy nidona tamin'ny haratony. Raha ny lalao voalohany nataon'ity mpilalao n'ny AJ Auxerre (France) ity no tombanana dia azo lazaina fa mendrika tamin'ny zavabitany. Tsara toe-batana izy no sady manana fifantohana amin'ny lalao ka azo antoka tanteraka amin'ny toerana sahaniny.
Mendrika ho an'i Rayan Raveloson ny nanendrena azy ho kapitenin'ny ekipampirenena. Hainy tsara ny mandrindra ny lalao ao afivoan'ny kianja. Tsy misy very sy tsara tolotra hatrany ny baolina alefany any amin'ireo namany. Clement Couturier kosa indray, na dia ambaran'ny mpijery fa somary mavesa-pandeha, dia henika azy ny kianja manontolo. Hainy tsara ny mameno ny toerana bangs, ary fandefasana baolina any amin'ny namany, izay nisy no tokony ho tafiditra ka nampitombo ny baolina nampidirintsika. Tao amin'ny vodilaharana havia dia lalao tsotra no ataon'i Kenjy Van Boto kanefa tena mahomby. Azo lazaina ihany koa fa nahafa-po ny mpijery ny endri-dalao nasehon'i Louis Demeleon, lava ranjanana, ka tsy misy atahorana raha vao baolina ambony no nalefan'ny borondiana
Raha somary tsy dia haingana loatra ny fanafihana nataon'ny mpilalaontsika teo amin'ny fizaram-potoana voalohany dia nisy fiovana kosa izany nandritra ny fanatanterahana ny 45 minitra farany. Rwanda no hifandonanana amin'ny lalao fitsapana farany ka heverina fa hain'i Roro ny mampiaraka an'ireo mpilalao manana filalao mailo amin'ny valim-panafihana haingana satria mailapandeha ny mpifanandrina amintsika. **aris rafaly**

Ady totohondry ny taona 2024

# Mike Tyson, 50 taona mikiribiby hatrany hiakatra ambony ringa

Ho tanterahina amin'ny Sabotsy 20 jolay 2024 ny ady totohondrin'ny sokajy vaventy, hifanaovan'i Michael Gérard Tyson na i" Mike Tyson - The Iron " sy Jake Joseph Paul, izay ambaran' ny mpanaraka an'ity haiady ity ho "*Ady totohondry ny taona 2024*" noho ny fahitana ny taonan'ny mpifanandrina tsy mitovy. Mike Tyson" The Iron (Le Fer)" dia teraka tamin'ny 30 jona 1966 (58 taona) tany New York, milanja 100 kilao, mirefy 1,76 m. Efa nahazo mari-pankasitrahana sy mari-boninahitra maro izy. In-49 " The Iron " no nahazo fandresena teny ambony ringa. Ny mpifanandrina 43 taminy dia nataony torana avokoa "*Knockout (KO)*". Ankoatra ny ady totohondry dia nalaza tamin'ny fitiavambehivavy ny lehilahy ka nisolosolo vady hatrany. Anisan'ny niterahany ry Lakiha Spicer (2009) sy Monica Turner (1997-2003) ary Robin Giveys (1988 - 1999). Kalazalahy nifanandrina taminy ry Kevin Mc Bride - Dammy Williams - Clifford Étienne - Lennox Lewis. Ny antony nianarany ady totohondry dia noho ny fampitahorana sy ny herisetra nianjady taminy. Niaradàlana tamin'ny andianjiolahim-boto mpangalatra sy mpanendaka i Mike Tyson ka nahatonga azy ho tia herisetra. Jake Joseph Paul kosa dia teraka tamin' ny 17 janoary 1997 tany Cleveland (Ohio). 27 taona, mirefy 185 sm, mpikarakara "vidéo webb - internet" no asany, izay efa misy mpanaraka 20,5 tapitrisa. Ny asa nataony andavanandro no tena nahazoany mariboninahitra betsaka. Marihina fa ny antony mahatonga ny fikarakarana ny ady hifanaovan'izy mirahalahy ireo dia toy izao : - Nidina teny ambony fiaramanidina izy ireo - Nifanena dia nifampivandrava, ary



**Tsy hifampitsitsy, ary tsy hifampidera taim-by !**

saika nifanandrina mihitsy aza. Ho raiketina any amin' ny "Stadium"-n'i Arlington (Texas) ny adin'izy ireo, izay mahalany mpijery hatrany amin'ny 80.000. Antenain'ny mpankafy ady totohondry fotsiny fa tsy "sinema", toy ny fihaonan'ilay kameroney Francis Nganou sy Anthony Joshua teratany anglisy tamin'ny zoma 8 martsa 2024 fotsiny izy ity. Tratry ny "KO" teo amin'ny fihodinana faharoa monja i Nganou "Predator", tompondaka tamin'ny fanaovana haiady "Arts Martiaux Mixtes (AMM)", teraka tamin'ny 5 septembra 1986 tany Batse (Cameroun). Joshua kosa dia tena mpiangaly ady totohondry, teraka tamin'ny 15 oktobra 1989 tany Angletera, mirefy 198 sm. Efa nahazo medaly volamena tamin'ny Lalao Olympika 2012 tany Londres, ary tompondaka eran-tany tamin'ny tsy mpandray vola (amateur). **aris rafaly**

## TSIPAKA

Manoloana ny fampiakaran' ny tomponandraikitra mikarakara ny baolina lavalava, dia nanaitra ny sain'ny mpanaraka fanantanjahantena ny nahita ny "publication" tamin'ny tambajotran-tserasera, izay mitaona ny sain' ny mpijery tsy hisy hanatrika "rugby" , ho fanoherana ny fampiakarana ny vidimpidirana. Marobe moa ny namaly an'ilay antso ka ny ankamaroany dia nanaiky an'ilay fanambarana natao. Ny hevitra moa terabary ka samy mamoaka ny ao ampony sy ny tany an-tsainy ny mpiserasera ! Ny an'ny sasany dia fanenjehana ranofotsiny ny mpitantana ny Malagasy Rugby ho tia vola no ataony, izay milaza fa matiantoka lava. Raha ny vola miditra any amin'ny kitapom-bolany anefa no zohina, dia an-tapitrisany maro no azony amin'ny vidim-pidirana, noho ny fahamaroan'ny mpijery baolina isan-kerinandro, mandritra ny fisian'ny fifaninanana amin'ny tompondakan'ny TOP 12.

**Ataovy ....!**

Efa ela no nahazoana fitarainana ny fahalafosan'ny vidim-pidirana amin'ny "Elite /TOP 12". Nambaran'ny mpanakiana hafa fa sakana amin'ny fampandrosoana an'ity taranja ity ny fahalafosan'ny vidim-pidirana, ka mety ampihemotra amin'ny fankafizana ny filalaovana baolina lavalava. Toa mifanohitra amin'izany anefa no mitranga eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka fa feno hipoaka mpijery baolina hatrany ny "gradin". Ny firevena sy ny fisotroana toaka sy labiera ao anatiny manginy fotsiny fa toy ny manambara fa tsy misy fiantraikany amin'ny "mpanjifa" ny fisondrotan'ny vidim-....piainana sy fidirana. Raha eto an-drenivohitra manokana, dia azo lazaina fa ny taranja rugby no mahasarika mpijery baolina betsaka indrindra. Manaraka azy ny taranja basketball. Ny baolina kitra moa dia tsy mahazaka mpijery firy intsony, raha tsy amin'ny fihaonana iraisam-pirenena tahaka ny " *Fenêtra FIFA* " izao. Any amin'ny faritany sisa no mahazo mpijery ny fifaninanana amin'ny "*Pureplay Football League*". Ekena fa lanja miakatra ny fiainana kanefa tokony ho jeren'ny tomponandraikitra ihany ny vidim-pidirana amin'ireny lanonana arapanatanjahantena ireny. Ataovy tery omby ririnina ê ! Sorohina ny tsy ahabotry ny zanany, ary tandrovina ny tsy hampitofezaky ny ahiazana ny reniny.

**aris rafaly**

PASI PASI

Rakotobe Tantely Marie Claude

# Mbola tsy manaiky resin-janany rehefa tafaraka mikotrana

*Fianakaviana mpiangaly ny taranja Jiu-Jitsu Breziliana indray no vahiny hampahafantarina antsika eto amin'ny PASI-PASI anio.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno
***RTMC :*** Rakotobe Tantely Marie Claude
***Gazetiko :*** Firy taona dia mbola manao JJB ve, ao amin'ny kliobanʼiza ?
***RTMC :*** 38 taona dia tsy mikotrana be intsony fa tonga any indraindray, ao amin'ny Checkmat Madagascar
***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona no nanao JJB ?
***RTMC :*** 31 taona
***Gazetiko :*** Firy ny zanakao, iza avy dia manao JJB daholo ve ?
***RTMC :*** Manan-janaka roa, Nofy Chuk Hen Shun, 15 taona ceinture verte, sy Mahaliana Chuk Hen Shun, 12 taona ceinture jaune. Samy nanao taloha fa ilay vavimatoa sisa no manao amin'izao
***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao dia tonga diany ho ny JJB ?
***RTMC :*** Kely fotsiny ny elanelanan'ny fotoana nanombohanay ka tsy dia tena hoe "tao anaty rà" loatra. Tsy afaka tenenina koa anefa hoe noterena satria tamin' izay fotoana kely izay no efa nanomboka nankafy ilay taranja, indrindra rehefa noentina nijery kotrana.
***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?
***RTMC :*** Ilay vavimatoa (Nofy) efa nandrafitra ny ekipam-pirenena tamin'ny "Open Africa" 2022 sy 2023, ary tany amin'ny Abu Dhabi World Championship 2023.
***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao JJB ianao sy ny zanakao izany ?
***RTMC :*** Tsy dia manao intsony moa izaho amin'izao fa tamin'izay tafaraka mikotrana dia mahafinaritra satria samy manana ny "fierté"-ny rehefa miady ka samy tsy misy manaiky resy.
***Gazetiko :*** Ankoatra ny JJB, inona no fialambolinareo mianakavy ?
***RTMC :*** Samy miaraka ao amin'ny salon , mifanakaiky fa samy "mi-scroll"
***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
***RTMC :*** Mahasoa sy mahasalama ny fanatanjahantena na ho an'ny vatana na ho an'ny saina. Ny fanaovana spaoro miaraka amin'ny fianakaviana dia manampy amin'ny fampivelarana lehibe toy ny fifanampiana, fihainoana, fifampizarana ary firaisankina.



**Fahafinaretna ho azy ireto rehefa tafaraka mikotrana ary tsy misy manaiky resy mihitsy.**

**Rabenaivo**

Fikambanana J.M.A

# Hanokatra "Musée National de Football"

Hiroso amin'ny faniriany amin'ny hanokafana amin' ity taona ity ny trano itahirizana ny zava-bita sy ny tantaran'ireo kalaza sy kintan' ny baolina kitra Malagasy ny fikambanan'ny "Jeunes Malagasy Ambitieux (J. M.A) ka hanokatra ny" Musée Nationale de Football ". Ao ambanin'ny "gradin"-n'ny kianja Barea de Madagascar Mahamasina no tian'ny J.M.A an'izany mozean'ny baolina kitra izany, ka hitaomany ny tomponandraikitra ara-panjakana, ary indrindra ny Filoham-pirenena Andry Nirina Rajoelina, hanome alàlana amin'ny fanomezana efitrano, hitehirizana ny vakoka amin'ny baolina kitra ho hita sy ho fantatry ny taranaka amam-para ny tontolon'ny baolina kitra Malagasy. Efa fotoana ela no nitsanganan'ny J M.A, izay efa manana "Certificat de Conformité" entiny hanaovana an'izao hetsika tiany ametrahana ny M.N.F izao. Tanora avokoa ny mpikambana ao anatiny, 15 ary tarihin'Atoa Kandoharimanana Roger Romeo. Mpankafy ny tontolo ara-panatanjahantena avokoa izy rehetra kanefa nomeny tombony ny baolina kitra. Anombohany ny tetikasa ataony dia ny fanokafana ny mozean' ny baolina kitra.


**Haranty ao avokoa ny tantara sy ny momba an'ireo kintan'ny kitra fahizany !**

### Manantena ny faneken'ny fanjakana

Efa misy ny dinik'asa nataony tamin'ireo andrarezin'ny kitra fahiny, hiara-miasa aminy amin'ny fananganana ny mozea sy hanome azy ny tahirin-tsary sy fitaovana nilalaovana fahiny (maillot, godasy....) haranty anaty efitrano. Araka izany dia manana ray mpiahy ny fikambanana toa an-dry Maître Kira sy ry Abdou. Ny tantaran'ny baolina kitra Malagasy sy ny mpilalao kintana sy kalaza fahiny dia ho soratana amin'ny tenim-pirenena telo dia ny Malagasy sy frantsay ary anglisy. Atao manarapenitra ity mozea ity" Musée Numérique", manaraka ny toetrandro. Ametrahana" Écran Géant" ao anatiny, hijeren' ny mpitsidika ny lasa sy ny tantaran'ireo mpilalao kalaza niaro ny voninahipirenena tamin'ny baolina kitra fahiny sy ny vao haingana. Marihina fa any ivelany dia betsaka ny firenena, manana tranombakoka, itahirizana an'ireny tontolon'ny baolina kitra tany aminy ireny. Ho an'ny afrikanina dia efa manana ny mozeany i Maroc sy Sénégal fa i Afrika Atsimo no an-dalana manangana ny azy. Na dia klioba tokana toy ny Manchester United sy ny Réal de Madrid ireny aza dia efa manana ny tranombakony avokoa. Ny any Sénégal ohatra dia nampitondraina ny anaran'ny mpilalao mahay tany aminy mihitsy ny mozeany. '"Pape Bouba Diop". Nanterin'i Romeo moa fa efa karazan' ny vakom-pirenena ny kianja Barea ka rariny sy hitsiny raha ho tanteraka ny fanirian' ny fikambanany amin'ny ametrahana ny "Musée Nationale de Football" ao anatiny.

**aris rafaly**

Ady Totohondry - "Grand Combat d'Eveil"

# Efa vonona amin'ny fikarakarana ny Lion Force

Higadona rahampitso ilay andro hanatanterahana ny "Grand Combat d'Eveil", eo amin'ny taranja Ady Totohondry. Efa mipetrapetraka tsara avokoa ny zavadrehetra, vonona ihany koa ny Lion Force mpikarakara. Tsiahivina, hoentina hamohazana indray ity taranja Ady totohondry ity no nanaovana izao hetsika izao, raha ny nambaran'i Boto Gilbert, tomponandraikitra ny klioba Lion Force. Ady hatramin'ny 90 any ho any no hitranga etsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina mandritra izany, ahitana ny fandraisan'anjaran'ireo sokajy 6 (Elite, Juvenile, Junior, Novice, debutant, Jeune). Amin'ny 10ora maraina no hanomboka ny katrokady, izay ezahana ho vita amin'ny fotoana voatondro. Manolona izany, miantso ireo mpikatroka sy mpanazatra, mba tena hanaja ny fotoana ny mpikarakara, hizoran'ny katrokady antin'ny fandaharampotoana efa napetraka. Miantso ihany koa ny rehetra izay hoavy etsy Mahamasina izy ireo, mba hanaraka tsara ny fandaminana eny an-toerana. Miankina amin'ny fizotran'ity hetsika ity kosa moa no hanohizana na tsia ny "Grand Combat d'Eveil", raha ny nambaran'i Boto Gilbert, ity farany, izay manainga ireo rehetra mpankafy sy mpiangaly ary ny tomponandraikitra isan-tsokajiny, mba hifanome tanana sy hanaraka tsara ny toro-marika omen'ny klioban'ny Lion Force mpikarakara. Anisan'ny mpikatroka teo amin'ity taranja Ady Totohondry ity ihany koa moa ny tenany, ka mahafantatra tsara ny tena maharary sy ny zavatra ilain'ny mpanao ady totohondry.

**Rabenaivo**

Rugby - "Xxl TOP12"

# Hifandona ny COSFA sy ny USCAR


**Hahoraka indray ny kianjan'ny Makis rahampitso mandritra ny fanombohan'ny "TOP12" ity.**

Hanomboka rahampitso etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, ny fiadiana ny "Xxl TOP12", taranja Rugby. Fihaonana telo avy hatrany no hotanterahana amin'izany, ka anisan'ny tena andrasan'ny maro amin'ity andro voalohany ity, ny fifandonan'ny Miaramila amin-dry zareo Kaominina Antananarivo Renivohitra. Tsorina, hiady ity lalao ity, tsy hisy ankadasitra ihany koa satria dia ho vidian-dafo ny mety ho faharesena amin'izany. Raha arataratasy, apetraka ho sangany ny ekipan'ny COSFA, noho izy manana ireo mpilalao sangany maro ao aminy, teo ihany koa ny dingana vitany teo aloha, izay tonga hatrany amin'ny famaranana hatrany. Ny frany teo, resin'ny FTM tamin'ny fiadiana ny « super coupe de madagscar » izy ireo, na dia efa nanana ny herijika hivoahana mpandresy ihany aza. Ankilany, tsy azo hamaivanina ny USCAR, izy klioba mnahirana hatrany ireo klioba vaventy ny mihaona aminy. Klioba mahazaka dona rahateo izy ireo k mila mitandrina ny Miaramila. Mialoha izany amin'ny 11ora maraina, hifandona ny 3FB sy ny STM. Ity fihaonana ity izay misokatra tanteraka ka izay kely vovokaina sy tsy ampy tetikady hatramin'ny farany no mety ho resy. Aorian'io(1ora tolakandro), hifanandrina ny TAM sy ny USA, izay tombanan'ny maro fa hisehoan'ny vokatra tsy ampoizina. Samy manana ny fomba filalao mampiavaka sy manavanana azy izy ireto ka na Anosibe na ny Maitso kely dia samy afaka mahazo fandresena amin'izany. Hanokatra ny andro etsy amin'ny kianjan'Andohatapenaka kosa rahampitso, ny lalao fitsapana ny Makis latsaky ny 20 taona. Ny ekipan'ny CEA no hisedrana azy ireo, ka antenaina fa tena hahazo dona sy tsapa tsara ireto mpilalao mandrafitra ny ekipam-pirenena ireto mandritra izany.

**Rabenaivo**

## Sarisary zary tenany

**Raneny**




## Hatsikana an-tsary

**Lahy & vavy**




## Masoandro Miposaka

**HEBREO 9 : 15**


**15 Ary noho izany dia Mpanalalana amin'izay fanekena vaovao Izy, rehefa niaritra fahafatesana ho fanavotana amin'ny fahotana natao tamin'ny fanekena voalohany, mba hahazoan'izay voantso ny teny fikasana, dia ny lova mandrakizay.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Nahoana no malailay fonosana toa fary ?**

Pourquoi piquez-vous quand on vous enveloppe, comme la canne à sucre ?

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3204**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 1 | | | | 2 | 9 | 7 | |
| | 6 | | | | 3 | 1 | 8 | |
| 8 | | 5 | | 4 | | 2 | 6 | 3 |
| | | | | | | 5 | 3 | 6 |
| 9 | | | 1 | | | | | |
| 6 | | 2 | | 3 | | | | |
| | | 6 | | 7 | | | | |
| | | | | | | 7 | 9 | 2 |
| 7 | | | 5 | | | | | |

Valin'ny laharana **3203**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 3 | 1 | 9 | 4 | 8 | 6 | 5 | 2 |
| 4 | 6 | 8 | 5 | 1 | 2 | 3 | 9 | 7 |
| 9 | 2 | 5 | 6 | 7 | 3 | 1 | 8 | 4 |
| 5 | 9 | 7 | 3 | 2 | 1 | 4 | 6 | 8 |
| 6 | 4 | 2 | 7 | 8 | 9 | 5 | 1 | 3 |
| 1 | 8 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 2 | 9 |
| 3 | 7 | 6 | 8 | 9 | 5 | 2 | 4 | 1 |
| 2 | 5 | 9 | 1 | 3 | 4 | 8 | 7 | 6 |
| 8 | 1 | 4 | 2 | 6 | 7 | 9 | 3 | 5 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Kolokoloy sy karakarao ny vatanao, fa io no hany toka-na sy toerana azo antoka hahafahanao irery mivelona sy miaina. »

**Ny Vetso (03.08.16)**

("Prenez soin de votre corps, c'est le seul endroit où vous êtes obligé de vivre". Jim Rohn)

HCDDED

# Voafidy ny filoha sy ny birao vaovao




**Hanomboka ny asany araka izany ireo mpikamban'ny HCDDED.**

Taorian'ny fivoriam-be voalohany notanterahin'ireo mpikambana vaovao eo anivon'ny Filan-Kevitra Ambony ho an'ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalana na ny Haut Conseil de la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit (HCDDED) omaly dia voafidy ny Filoha sy ny birao mandrafitra azy. Lany ho filohan'ny HCDDED tamin'izany Atoa Ranadialison Angelo (Mpitsara, solontenan'ny HCC) - Filoha lefitra : Atoa Ramarosaona (solontena voafidi'ny OJM) - Mpampakanteny Ambony : Atoa Andriamantena Jean-Marc (solontenan'ny CINDH). Voafidy tamin'io fotoana io ihany koa ny solontenan'ny HCDDED efatra, ho mpikambanan'ny Filan-kevitry Ambony momba ny Fitsarana (Haute Cour de la Justice, HCJ) : - Rtoa Dama Gisèle Ranampy ; - Atoa Ramarokoto Fenosoa Emile ; - Atoa Samuel Rakotonirainy Herimandimby Rajaona ; ary - Atoa Zafilaza. Ny HCDDED, dia rantsa-mangaika voalazan'ny Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha 43. Manana andraikitra amin'ny fijerena ny fanajana ny Fanjakana tan-dalàna, ny fanaraha-maso sy fampiroboroboana ny demokrasia ary ny fivorian'ny zon'olombelona io rafitra io. Ity rantsa-mangaika ity dia mahaleontena misitraka ny fizakan-tena ara-pitondran-draharaha sy fitantanam-bola. Sivy no isan'ny mpikambana ao, ary dimy taona tsy azo havaozina ny fe-potoana iasan'izy ireo.

**JUDD**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 602 - 03 - 24

Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Mousse au chocolat

**Zavatra ilaina:** chocolat noir 100 g, dibera iray sotro, atody 3, siramamy 2 sotro (izay hamaminy tianao), crème épaisse 50cl (afaka tsy asiana)

**Fikarakarana azy:** potipotehina ny chocolat ary atsonika miaraka amin'ny dibera atao bain-marie, na koa atao ambany bé ny afo dia atao anaty casserole. Sarahina amin'ny tamenany ny tapotsin'atody. Dia kapohana ny tapotsin'atody, arotsaka tsikelikely ny siramamy sady kapohina (batteuse eto no ampiasaina ) foana hahazo ohatra ny neige (méringue no tena filaza azy). Ilay tamenany afangaro tsara amin ilay chocolat natsonika miaraka amin'ilay crème. Mbola kapohina amin'ny batteuse izy eto. Vita izay dia alaina ny mérigue (ilay tapotsin' atody+sucre), afangaro moramora (tsy azo kapohina fa ingaina avy any ambany dia ampiakarina). Alefa intelo fa tsy indray miaraka. Araraka anaty vera ary atao anaty refrigérateur alina tontolo na tontolo andro na ora 4 farafahaingana. Azo elanelanina crème chantilly. Rarahana sucre glace refa naroso.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**22 mars au 29 mars 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

**MA TV MADAGASCAR**

**SAMEDI 23 MARS 2024**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.35 : Salama va
07.30 : Mahandro ®
08.00 : Dessins animés
09.30 : Film Jeunesse
11.00 : FAM
12.00 : Météo
12.05 : A Votre Santé
13.30 : Série ®
13.45 : Film Comédie
15.45 : Ny Vehivavy
16.30 : Ny hery tsy mahaleo ny Fanahy
17.30 : Art Culinaire avec chef Dino
18.00 : Reportage : Chine-Afrique
18.15 : Fandaharana manokana
18.50 : M/car à l'heure du conservatoire
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.30 : NY VAOVAON'NY Ma-TV
20.15 : Ankarihary
21.00 : Film Action
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
23.45 : Film Dramatique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Romantique
05.00 : Antsampiderana

**DIMANCHE 24 MARS 2024**

06.00 : Amboarampamonjena
07.00 : Les olivers/SEDERA
07.25 : Feon'ny Pentekosta
08.00 : Kristy mandamina
08.35 : Oran'ny fanantenana
09.00 : Rhefi
09.45 : FJKM
10.45 : FAM ®
12.00 : METEO
12.05 : Vaovao antsira
12.30 : SPECIAL LIVE
13.50 : Série ®
15.20 : Film Jeunesse
17.30 : Ao anatin'ny rano no misy ny hery
18.00 : Divertissement
18.45 : M/car à l'heure du conservatoire
19.30 : Mahery
20.30 : Film Romantique
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
23.45 : Film Action
01.30 : Magazine
03.00 : Film Aventure
04.45 : Mahafinaritra
06.00 : Oran'ny fanantenana

**K**

**SAMEDI 23 MARS 2024**

06.15 : Racines d'Afrique
06.30 : So COOL
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
12.00 : Culte
13.00 : Animé
14.10 : K-Pop
16.05 : Mozika
17.00 : Smiling Time
17.40 : Zik Zag
18.30 : Tables de Mada
19.15 : Break
19.25 : Le Journal
20.00 : Ny Vaovao
20.50 : Soirée Nouveauté Ciné
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

**DIMANCHE 24 MARS 2024**

06.30 : Tables de Mada ®
07.00 : Smiling Time
08.50 : Zik Zag ®
09.20 : Docus
10.00 : Cinéma
12.00 : Mecamag
13.00 : L'intégrale
14.00 : Cinéma
16.00 : Passion d'Ados
16.15 : Jv News
17.00 : HAVOTAFO
19.00 : Alalino
19.25 : Vanitika
20.00 : Ny Vaovao
20.25 : Le Journal de l'économie
20.50 : Cinéma
22.40 : 7 Jours sur la planète
23.00 : Ny Vaovao ®
23.50 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

************

**RECORD TV**

**SAMEDI 23 MARS 2024**

05.30 : RÉVEIL DE LA FOI
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : D A / DIVER
09.00 : TOI MON AMOUR ®
12.50 : HIRANTSIKA
14.00 : DOCUMENTAIRE : MAGAZINE
14.25 : ASINTADO ®
19.45 : DIVERTISSEMENT
20.00 : ALEO RESAHANA
21.00 : PAROLE DE VIE
22.00 : FILM

**DIMANCHE 24 MARS 2024**

05.30 : HIRA FIDERANA
07.00 : FILM
08.36 : DESSINS ANIMES
09.36 : DIVERTISSEMENT
11.00 : DESSINS ANIMES
13.00 : HIRANTSIKA
13.30 : ALEO RESAHANA ®
14.30 : DIVERTISSEMENT
16.00 : FILM PARLE MADAGSCAR
19.30 : HIRA FIDERANA ®
21.00 : DIVERTISSEMENT
22.00 : FILM

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

# TENY REHETRA TENY

(Sary : Kelly R. sy Nary Ravonjy ; soratra : Judd)




Nifanjevo tanteraka ireo mpilalaon'i Barea raha nihaona tamin'ny ekipan'i Burundi omaly.



Ireo izy 11 mirahalahy nandrafitra ny ekipam-pirenena teny Mahamasina.



Nanokatra ny fankalazana ny 29 marsa teny Anosy ny Filohan'ny Antenimierandoholona.



Nisy ny dihy mirindra sy marevaka tahaka izao nandravahana ny fanamarihana.




Isan'ny mampalaza ny any amin'ny kaominin'i Mahitsy ny famokarana voatabia.



Miakatra sy mitobaka ny "haricot vert" na somary lafo aza ny vidiny eto andrenivohitra.




**Orange dia manohana ireo vehivavy malagasy amin'ny alalan'ireo maison digitale 40 manerana ny Nosy. Tetik'asa izay manamora ny firosoan'izy ireo ho amin'ny fahaleovan-tena ara-bola.**

GCL 775/15-9

orange™